Raha namoaka vola fandaniana ho an'ny ankohonany ny lehilahy iray ary manantena valisoa avy amin'i Allah dia voasokajy ho Swadakat izany

Tatitra azo avy tamin'i Abou Massoudi (R.A), niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Raha namoaka vola fandaniana ho an'ny ankohonany ny lehilahy iray ary manantena valisoa avy amin'i Allah dia voasokajy ho Swadakat izany".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Milaza amintsika i Mpaminany (S.A.W) fa raha mandany vola amin’ny ankohonany izay tokony hamelomana azy ny lehilahy iray, toy ny vadiny, ny ray aman-dreniny, ny zanany ary ny hafa, nataony izany ho fanakakaizana an'i Allah ary manantena valisoa avy aminy, dia hahazo ny valisoan'ny Swadakat izy.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/6460